

## FITSIPIKA FIFANINANANA KABARY RNS LYON 2016

### I – NY FEPETRA

**Andininy 1:** Natao ho an’ny olon-drehetra ny fifaninanana, ny olona tsirairay mihitsy no manolotra ny tenany amin’ny alalan’ny fisoratana anarana

**And. 2:** Ny fomba fisoratana anarana dia amin’ny alalan’ny mailaka amin’ity adiresy ity : [fimpima.frantsa@gmail.com](mailto:fimpima.frantsa@gmail.com)

**And 3:** Anarana - taona - telefona - adiresy mailaka no fara-fahakeliny tokony ho voaray

**And 4:** Lohahevitra ny fifaninanana : **“Ny kolontsaina sy ny soatoavina malagasy aty am-pitan-dranomasina ”**

**And. 5:** Hatao ao amin’ny RNS ny asabotsy 26 martsa sy ny alahady 27 martsa ny fifaninanana. Ho lazaina aoriana ny ora

### II – NY MPITSARA

**And. 6:** Olona 3 tendren’ny FI.MPI.MA. sy ny CEN ny mpitsara

**And. 7:** Tsy azo iadian-kevitra na iverenana ny fanapahan-kevitra ny Mpitsara.

### III- NY MPIFANINANA

**And. 8:**

**Sokajy voalohany:** Taninketsa 10 ka hatramin’ny 16 taona:

**Dingana voalohany :** Fampisehoana hakingan-tsaina (fanontaniana sy valiny na fanohizana ohabolana na ankamantatra...)

**Dingana faharoa :** Antsan-kabary : 3 ka hatramin’ny 5 minitra.

**Sokajy faharoa:** Tanora sy Olon-dehibe: 16 taona miakatra no ekena hifaninana:

2 ka hatramin’ny 7 no isan’ny mpandray anjara miaraka ka 1 mikabary, mpandray anjara fototra fa ny ambiny mandravaka ny sehatra (mpitendry zava-maneno, mpandihy, mpihira, mpanao fihetsika,...), 10 ka hatramin’ny 20mn no faharetany.

**And. 9:** Anjaran’ny Mpifaninana ny manao izay mahamendrika azy eo anatrehan’ireo Mpitsara ka handresena lahatra azy ireo.

### IV – LOKA

**And. 10:** Hisy ny mari-pankasitrahana hatolotra ho an’ny mpandray anjara rehetra izay hozaraina ny alatsinainy 28 martsa 2016 mandritra ny lanonam-pamaranana ny RNS

**And. 11:** Tsy maintsy mpifaninana ihany no misitraka ny loka fa tsy azo soloina olon-kafa.

*laharana iantsoana raha mila fanazavana fanampiny: 06 09 04 40 67 / 06 65 10 55 43*